
VALANARETINA CORONAVIRUS

# 143 ny tranga vaovao, 458 ireo mbola manaraka fitsaboana

Araka ny tarehi-marika nivoaka ny faran'ny herinandro teo momba ny valanaretina coronavirus, tsy nisy ny ainy nafoy teto Madagasikara tamin'ny herinandro lasa teo iny: ny 24 ka hatramin'ny 30 oktobra lasa teo, 143 ny tranga vaovao, 458 ireo olona mbola manaraka fitsaboana an'i Madagasikara. Ny isan'ny olona sitrana ny herinandro teo dia 108 sitrana. 89 504 ny totalin'ny fitilina PCR vita nanomboka ny 19 Martsa hatramin'ny sabotsy teo. Mitotaly 17 111 ny isan'ireo mitondra covid-19 eto Madagasikara hatramin'ny nisian'ny valanaretina. Miisa 16 409 ny isan'ny olona sitrana eto Madagasikara amin'izao fotoana. Mitotaly 244 no maty hatreto.




*Ny tarehi-marika avy eny amin'ny CCO covid19 Ivato ny faran'ny herinandro teo.*

Arak'izany, mbola misy ny aretina, ka tokony hitandrina hatrany ny tsirairay, hanaja ireo fepetra arapahasalamana.

***Stefa***

Hetsika momba ny zaridaina

# Nahatratra 5000 ireo mpitsidika nandritra ny 3 andro

Hetsika momba ny zaridaina, na Festival des Jardins natao tetsy amin' ny AFT Andavamamba nandritra ny hateloana ny herinandro lasa teo, nahatratra 5000 teo ireo nitsidika izany hetsika izany nandritra ireo fotoana ireo. Tanjona tamin'izao hetsika izao ny fanehoana ny fikojana ny zaridaina, sy ny fikojana ihany koa ny tontolo iainana. Teo amin'ny 40 teo kosa no isan'ireo tranoeva nanao ny fampirantiana ireo voninankazo samihafa, sy ireo karazan-kazo volena eny anjaridaina. Anisan'ny niavaka sy nahaliana ny maro ny « bonsaï », karazan-kazo fohy sy fonentana. Ankoatr'izany, nisy ireo atrikasa momba ny fikarakarana sy fikojana ny zaridaina, fanentanana ny tanora amin'ny fanaovana fambolena sy zaridaina an-tanàn-dehibe,... Nampanantena ireo tompon' andraikitra fa mbola hanao ny tsaratsara kokoa izy ireo amin'ny andiany faha-3 amin'ny hetsika momba ny zaridaina amin'ny taona ho avy.



*Ireo mpitsidika ny hetsika: « Festival des Jardins », tetsy amin'ny AFT Andavamamba ny herinandro teo.*

***Aly***

Sehatry ny filaminana

# Feno 20 taona ny fandraisan'andraikitry ny vehivavy

Feno 20 taona ny sabotsy 31 oktobra teo ny fandraisan'andraikitry ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny filaminana eto amin' izao tontolo izao, izany dia tapaka tao anivon'ny Filankevi-pilaminan'ny Firenena Mikambana araka ny fanapahana, na Résolution 1325. Ho fankaherezana sy ho fahatsiarovana ny faha20 taona nahalany ny fandraisana andraikitry ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny filaminana teo anivon'ny « Conseil de sécurité », na Filankevi-pilaminana dia nandefa sarimihetsika mahakasika ny mpitandro ny filaminana vehivavy ny PNUD, na ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana ho setrin'izany, sarimihetsika mahakasika ireo mialaramila vehivavy, zandary vehivavy ary ireo polisy andriambavilanitra. Ny teto Madagasikara dia ireo polisy vavy no niompanan'izany fandaharana izany nalef ny faran'ny herinandro teo, tamin'ireo televiziona sasany eto amintsika.



*Polisy vavy, mandray anjara amin'ny sehatry ny filaminana koa eto Madagasikara.*

***Aly***

# NY TENY FIAINANA

*"Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy."*

***Romana 6:11***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Fianarantsoa : tsy naloan'ny fitondrana ny volan'ny mpandraharaha vidin'ny Vatsy Tsinjo

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** VATSY TSINJO: Vary an-jatony tonnes maro tsy mbola voaloan'ny fanjakana foibe ny vidiny teto Fianarantsoa. ALOAVY NY VOLAN'OLO

**Felaniaina Rakotonirina :** fanjakana malhonnête, tsy mendrika .Tsy megnatsa.

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** roso aia ny millions de dollars?

**Espérant Jul'Ophelin Tolerencio :** manala-baraka ny fitondràna foibe angeh izao zavatra mitranga eto Fianarantsoa izao tompoko o ? Aloavy haingana ny VOLAN'OLONA o ?

**Donbali Razafianaka :** inna mu no idirako am zan, REO nanao fifanaran tagny, ko manna mu enao tsy makan am olo nanao an zao.

**Lalao Raherisoa :** trop b !

**Razafimbelo Alain Manajary :** tena grave be izany Zandrilahy raha marina tokoa. Misy fotoana tsy maintsy hitenenana.

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** misaotra mizara vaovao marina.

**Mionja Herinambinina :** kay misy an'izao koa, ania zany zao vola zao le! ze voa mangina tokoa.

**Mahery Lanto Manandafy :** izy efa te hiongana raha hiady amin'Imady izany koa. Eny e ! fa mba tokony "tsinjovina" kosa angamba ny fitondràna de mba tokony nataon'ny mpivarotra ho "gratuit" ve ?

**Rasoarimalala Nekly :** misy ankamoaka ku ato.

**Riantsou Karine :** loza b kou zany an !

**Eugène Andriamihaja :** grave zao ràha tarognin Zao fa mba asio porofo fa:
- misy : firy T, amin'ia ?
- ràha misy, mivoaka amin'ny fifanarahana mikasika ny fomba fandoavana azy ve ?…

**Donbali Razafianaka :** Eugène Andriamihaja : antso atao @ mpitondra izao raha tsy fantatrao e ? Raha ianao io indray no manana porofo fa tsy marina izao dia mba havohay aminay eto ary hoe ?

**Eugène Andriamihaja :** Donbali Razafianaka : tsy mahazo resaka nareo.

**Jaonasivelo Andriamahazo :** toa ohatra ny hoe misy gonflage na facture sy côntrole de légalité aloha vao azo aloa.

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Jaonasivelo Andriamahazo: fika masiso zany! Naka ny varin'olona tsy nahalala procédures?

**Mahery Lanto Manandafy :** Jaonasivelo Andriamahazo: tairo aza ku!

**Ralaizandry Adoré :** gravy zany . Mamotika olona zany a, mamotika ny opétareurs!

**Gabriel Ralijaona :** ANY AM-PAOSIN'NY CERVEAUX NO MIALOKALOKA NY MILLIONS DE DOLLARS! ADIOS VATSY TSINJO BYE, BYE TOSIKA FAMENO RY FIANAROIS! RAHA ZANY TOKOA RO IZY!

**Naism Ratsimba :** aia ny aoka hazava !

**Rija Rakotozanakajy :** tsy efa hakatona izay ireo mpivarotra tsy nandoavana vola raha izany ? @izay tsa mandoa azy koa.

**Honoré Chrysostome Ramanantsalama :** henjana zany an, sanatria ve dia ho very an-javona ny vidim-barin'olona e?

**Sousou Olivias :** Honoré Chrysostome Ramanantsalama : RAHARAHA ZANY.

**Nomady Madagasikara :** ny mampalahelo sady mampihomehy dia mety olona tena nanohana azy mafy io voa arnaque io zao ? Ary dia aza manantena koa fa naniraka amalona hatsaka ny tompony.. Tsa mahalala an'ireo va ?

**Thotta Ratsira :** asio porofo moa zao !!! Sady ny tena tompony ro tokony hitarogna !!!

**Emile Ratefinanahary :** aiza koa e ? $ bdb anie no azo e!

**Victorine Razafimpaniry :** grave zany an, lasa vatsy trosa..., vatsy mirisagna!

**Jean Clair Fianarantsoa :** samy amin'ny POLITIKA-ny moa ny olona rehetra ,fa eto @ fb koa ahitana ny laingа sy ny marina rehetra!
Nefa Samy Tompon'andraikitra @ vaovao izay navoakany!

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** Jean Clair Fianarantsoa : inona no tianao hambara?

**Njaka Rfc :** ato @ commentaires ato no, ahitäna an 'ry HENJANA rehetra, kkk, miaiky an'le mpanao pub aho.

**Fety Faraniarijaona :** mba ataovy matotsa zao ra Fanja!

**Tony Ratsimbaazafy:** raha tamin'ilay emission manokana tamin'ny MBS sy IBC, raha ny notarognin'reo tao dia 800 t ny vary tsy voaloa, maro zany!

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit**